REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-50EX

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA AMIN'NY FANONGANANA TSY HO AMIN'NY TOERANY INTSONY NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY BIRAO MAHARITRY NY ANTENIMIERAMPIRENENA (MOTION DE DESTITUTION DES MEMBRES DU BUREAU PERMANENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE)**

Fivoriana Faharoa
Natao ny
Alarobia 15 Oktobra 2025
- Atoandro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA :** Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry

**MPITANTSORATRA :** - Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra
- Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson

**FOTOANA :** Alarobia 15 Oktobra 2025, tamin'ny 1 ora sy 40 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA :** Fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny fanonganana tsy ho mpikambana intsony ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena (Motion de destitution des Membres du Bureau Permanent de l'Assemblée Nationale).

Nivory ny Alarobia 15 Oktobra 2025, tamin'ny 1 ora sy 40 minitra, atoandro, ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry Lefitra Fahafito avy amin'ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.
Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, niangavy azy hatrany mba hamaky ny fehin-kevitra fanonganana (motion de destitution) mirakitra ny antony anaovana izao fandravana izao koa, Andriamatoa Filoha, ka anisan'izany ny tsy fahavitan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny asany, ny tsy fanajana ny tsy fiandaniana.

Nanao satroka Andriamatoa HANOGNONA Hervé ka nomena fitenenana. Nambarany fa tsy nanatrika ny fivoriambe omaly ny tenany ka nanontany raha misy « cadre légal » hanatontosana izao fanoganana izao.

Namaly izany, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, raha nomena fitenenana, ka nambarany fa ara-dalàna ny zavatra hatao amin'izao fotoana izao satria efa nahatratra 117 ny Solombavambahoaka nanao sonia ny ahazoana mivory tsy ara-potoana ka miangavy ny namana teo mba hamaky ny Fitsipika Anaty mifehy antsika raha « cadre légal » no nangatahany.

Andriamatoa SAORY Christian kosa nangataka fanazavana amin'izao zavatra hatao androany izao, raha nanao satroka.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra, Andriamatoa Filoha mba hamaky ny andininy faha-16 andalana faha-11 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ahafahana miroso amin'izany fanonganana ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra izany.

Nanatontsoa izany, Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson, ka toy izao no fivakiny :
Andininy faha-16 andalana faha-11-n'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena : Ankoatry ny Filoha Lefitry ny fanoherana eo anivon'ny parlemanta dia azo esorina amin'ny andraikiny avy ireo mpikamban'ny Birao Maharitra noho ny antony goavana amin'ny alàlan'ny latsabato iandanian'ny 2/3-n'ny Solombavambahoaka.

Rehefa izay, nambarany ny fizotry ny fifidianana hatao amin'izany, ka toy izao no hataon'ny Solombavambahoaka : maka ny taratasin-datsabato, mankao amin'ny « isoloir », avy eo miverina mandatsabato ao amin'ny vata mangarahara.
Niangavy Solombavambahoaka miisa 4 koa mba hanao ny fanaraha-maso ny latsabato ary ny mpandatsabato dia manono ny anarany no mandatsabato.

Taorian'izay, niroso tamin'ny latsabato ny Solombavambahoaka, ka ireto avy no nanara-maso ny fizotran'izany, Andriamatoa isany :
- RAFIDIMANANA Narson
- MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa
- SAORY Christian
- RALAMBOZAFY Raoto Andrianirinarivo

Marihana fa nisy koa ny Solombavambahoaka tsy afaka nanatrika ny fifidianana no nanome « procuration de vote » ireo mpiara-miasa aminy.

Toy izao no vokatry ny latsabato :
- Vato manan-kery : 133

- Nandany ny « motion de destitution » : 127

- Nitsipaka ny « motion de destitution » : 03

- Vato fotsy sy tsy manan-kery : 03

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fanonganana (motion de destitution) ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena.

Nambarany koa rehefa izany fa hiato adiny iray aloha ny fivoriana ka hitohy aorian'izay.

Niato tamin'ny 3 ora sy 20 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry**